Aza Manambony Tena!

Toromarika: Tsara raha amin'ny toerana mangina ianao no mamaky ny andinin-teny eto ambany. Alao sary an-tsaina ilay tantara. Ataovy toy ny hoe teo mihitsy ianao, ka renao ny feo manodidina sy ny olona miteny, ary tsapanao ny fihetseham-pon'ireo olona asongadina ao.

Mpandray anjara: Davida, Absaloma, Joaba

Famintinana: Te haka an-keriny ny fanjakan'ny dadany i Absaloma.

❶ ***ALAO SARY AN-TSAINA ILAY TANTARA.—VAKIO NY 2 SAMOELA 14:25-33; 15:1-17; 18:9-17, 30-33.***

Mety ho hoatran'ny ahoana ny paozin'i Absaloma, araka ny hevitrao? (*Vakio indray ny 2 Samoela 14:25, 26.*) _____

_____

Niezaka nambabo ny fon'ireo olona saika ho any amin'ny mpanjaka i Absaloma. Mety ho nanao ahoana ny fihetsiny sy ny feony tamin'izany? (*Vakio indray ny 2 Samoela 15:2-6.*) _____

Inona ny toetran'i Absaloma hitanao rehefa mamaky ny 2 Samoela 14:28-30 ianao?

_____

_____

❷ ***FAKAFAKAO ILAY TANTARA.***

Inona no nataon'i Absaloma mba hakana an-keriny ny fanjakan'ny dadany? (Vakio ny 2 Samoela 13:28, 29. I Amnona no zanaka lahimatoan'i Davida ka izy no tokony ho mpanjaka handimby azy.) _____

_____

Marina fa nanambony tena sy naniry laza i Absaloma. Raha jerena anefa ny fomba nandevenana azy, dia ahoana no tena fiheveran'ny olona azy? (*Vakio indray ny 2 Samoela 18:17.*) _____

_____

Inona no mety ho nahatonga an'i Absaloma hanambony tena, araka ny hevitrao? (Ampitahao amin'izay voalazan'ny 3 Jaona 9, 10 momba an'i Diotrefa.) _____

_____

_____

Nanao ahoana ny fihetseham-pon'i Davida rehefa naka an-keriny ny fanjakany i Absaloma? (Vakio ny Salamo 3, izay nosoratan'i Davida rehefa namadika azy i Absaloma.) _____

_____

_____

❸ ***AMPIHARO IZAY NIANARANAO. SORATY ETO IZAY NIANARANAO MOMBA AN'IRETO:***

Inona ny vokany raha manambony tena isika? _____

_____

Nahoana ny zavatra ataontsika no mety hampalahelo ny hafa, anisan'izany ny ray aman-dreni-ntsika? _____

_____

FAMPIHARANA HAFA.

Inona no mety hahatonga anao hanambony tena?

_____

_____

Inona no mety hanampy anao tsy hirehareha tafahoatra?

_____

_____

❹ ***INONA NO HITANAO HOE TENA MAHASOA ANAO AMIN'IO TANTARA IO? NAHOANA?***

_____

_____

Soso-kevitra: Eritrereto hoe inona no mety ho nitranga raha tsy nanambony tena i Absaloma, fa nanetry tena.—Ohabolana 18:12.

www.jw.org © 2012 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania